

# Miresaka momba ny tantaram-pianakaviana i **BENJAMIN**



**Inona no zavatra tianao indrindra momba ny tantaram-pianakaviana?**

Tiako ny mahita olona vao-vao hampidirina ao amin'ny hazon-tetiaram-pianakaviako. Voalohany, mahita rakitsotra tranainy aho. Avy eo dia mitady ny anaran'ny razako aho. Mahita ny daty nahaterahann'izy ireo sy ny toerana nahaterahann'izy ireo aho.

Mahita ny toerana hafa nonenan'izy ireo koa aho.

**Inona no zavatra nianarano momba ny razambenao?**

Nahafantatra aho fa manana razambe avy any Italie sy Allemagne. Ny iray amin'ireo razambeko avy any Italie dia mitovy anarana amin'ny rahalahiko! "Santiago" no anaran'ny rahalahiko, izany hoe "Giacomo" amin'ny teny italiana. Fanatro koa fa tsy nitovy ny fanoratana ny anaranay.

tatro koa fa tsy nitovy ny fanoratana ny anaranay.

**Ahoana no fomba anampianao olon-kafa hanao tantaram-pianakaviana?**

Manampy ny renibeko hampiasa ny FamilySearch aho. Nampianariko azy ny fomba fampidirana fahatsiarovana. Nanampy azy hampiditra olona tsy hita tao amin'ny hazon-

tetiaram-pianakaviany ihany koa aho. Nanana anarana maro be ny havany sasany! Naharitra ela ny fampidirana azy rehetra. Saingy tena faly aho fa afaka nanampy azy hianatra mampiasa ny FamilySearch, tahaka ny nanampian'ny raiko ahy.

**Inona avy ireo tetikasa momba ny tantaram-pianakaviana tianao hatao manaraka?**

Te hanao horonan-tsary ho an'ny namako sy ny fianakaviako aho mba hanampiana azy ireo hianatra ny fomba fampiasana ny FamilySearch. Tamin'ny fotoana nanombohako dia tsy maintsy nianatra zavatra be dia

be aho. Te hampianatra olon-kafa aho mba hahafahany manao toy izany koa.

**Ahoana no nanombohano nanao tantaram-pianakaviana?**

Niaraka tamin'ny dadako no nanombohako nanao tantaram-pianakaviana. Niara-nanao izany isaky ny alahady izahay. Nanampy ahy hianatra ny fomba fampiasana ny FamilySearch ny dadako. Tsy maintsy nanao

fanazaran-tena foana aho. Ankehitriny aho dia manao tantaram-pianakaviana miaraka amin'ny dadako na i Jasmina zanaky ny zokin'ny dadako lahy.



SARY NATAONT LAURA ZARRIN